


**Toa mitampi-tsofina mihitsy Ingahy Ralaiarivila, filohan'ny Ceni-T eo amin'io sary ambony io, marina!**

Raha ingahy Hery Rajaonarimampianina no nanomboka nanitsaka ny lalampanorenana eo amin'ny andininy faha-54 dia nanaraka izany tsy fanarahn-dalàna daholo ny mpitondra malagasy sy ny manampahefana notendrena. Raha mikasika ny fifidianana ben'ny tanànan'Antananarivo, tsy dia olana mihitsy raha i Ramatoa Lalao Ravalomanana no lany. Saingy nisy tsy fanarahan-dalàna mibaribary be toa masoandro lohataona. Ingahy Ralaiarivila Ndrina Mamy,
filoha vonjimaikan'ny Ceni-T moa dia toa jamba sy moana tanteraka mikasika io toe-javatra io.




Jereo tsara io biletà tokana io ambony io. Tamin'izaho nifidy dia nalaiko sary tamina téléphone tao anaty isoloir. Zoko izany ary zon'ny rehetra fa tsy io indray akory no handaniana fotoana hiadin-kevitra eo indray.

Ny Alarobia 12 Aogositra 2015 taminy fotoana namoahan'ny Ceni-T ny voka-pifidianana vonjy maika dia io ambany io no hita sy tazan'ny rehetra. Fa nankaiza ilay soratra menamena NENY ?



CENI-T

Annexe de la délibération **N°001- SADIR-TANA/15** du **12 Août 2015** portant publication des résultats provisoires des élections Communales et Municipales du 31 Juillet 2015.

**Commune de : CU ANTANANARIVO** **Nombre des Conseillers à élire : 55**

REGION: ANALAMANGA
District: ANTANANARIVO

Inscrits (voasoratra anarana): 625234
Votants (nandatsa-bato): 182001
Blancs et Nuls (vato fotsy sy maty): 5916 soit (na): 3.25%
Suffrages exprimés (vato manan-kery): 176085 soit (na): 96.75%
Taux de participation (taham-pahavitrihana): 29.11%

| N° d'ordre | Logo | Titres | Voix obtenues | Pourcentage |
|---|---|---|---|---|
| 1 | MPANOHITRA | MPANOHITRA | 1858 | 1.06% |
| 2 | mada vision | MADAVISION | 5568 | 3.16% |
| 3 | TANA | STANDUPTANA | 2219 | 1.26% |
| 4 | AREMA | AREMA | 1625 | 0.92% |
| 5 | UNRRM | UNRRM | 2914 | 1.65% |
| 6 | TIM | TIM | 98535 | 55.96% |
| 7 | IARIVO | IARIVOMITAMBATRA | 6371 | 3.62% |
| 8 | MA.MI.MI | MAMIMI | 1495 | 0.85% |
| 9 | Freedom | FREEDOM | 55500 | 31.52% |
| | | | Total voix: 176085 | 100% |

Araka ny voalazan'ilay « *décret* » laharana 2015-630, manova tanteraka ny « *décret* » laharana 2015-617 dia
**: tsy azo atao ny mametraka sary sy anarana sy fanampinarana ao amin'ilay biletà tokana**
.

Misy indray hilaza fa « *anarana am-bositra* » io Neny io. Ka na am-bositra na napetaka dia anarana foana io. Iza koa moa no tsy mahalala fa izany Neny izany dia i Lalao Ravalomanana ihany ? Mino marina aho, ary mino fotsiny ihany f'efa tany afrika atsimo, toerana nanontana ireo biletà tokana ireo no efa napetraka teo io Neny io, ho an'Antananarivo. Fa ny tany amin'ny faritra ivelan'ny renivohitr'i Madagasikara, tsy nisy io Neny io. Ary taiza moa i Marc Ravalomanana no nialokaloka rehefa nitsoaka avy teto amin'ny Nosy ?...

Ao anatin'ny lalàna koa dia manome alalàna hametraka fotoriana eny amin'ny « *tribunal administratif* »
ireo kandida mahita sy mahatsapa fa misy ny tsy fanarahan-dalàna. Dia satria ve vadin'Ingahy Marc Ravalomanana, Dada, i Lalao Neny dia tokony avela amin'izao ? Rehefa hisy olona haka ny tranonano sy ny fanananao rehetra -efa nitranga ary mbola mitranga izany- dia hanaiky fotsiny koa ianao ?

« *Tany tan-dalàna* », hoy ny hirahira efa lasa dridrangilon'ny Filoha sy ny Praiministra amin'izao fotoana izao. Ka hampiaro ary ilay lalàna satria na ianareo ireo tsy amboniny mihitsy akory. Nefa moa, eto Madagasikara isika ka ny tsy ara-dalàna indray no lasa mahazo rariny. Ary hatramin'izay naha filoha an'i Hery Vaovao dia lasa paradisan'ny tsy ara-dalàna tokoa ilay Madagasikara tanindrazan-tsika malala. Ary tena ataony mahalala ny anarany tokoa anie e !

Fa ankoatra io resaka Neny hita sy nanjavona io dia be dia be ny tsy ara-dalàna sy tsy nety tamin'ny fifidianana natao ny 31 Jolay 2015 iny. Santionany iray efa toa mahazatra :

Misy mpifidy manana kara-pifidianana ary nifidy tamin'ny 20 Desambra 2013 fa tsy tao anaty lisi-pifidianana tampoka. Marihiko fa efa tratra io toe-javatra io izahay iray trano tamin'ny fididianana an'ny Pds Patrick Ramiaramanana ho ben'ny tanàna, ny taona 2003. 12 taona lasa izay.

Fa ny mbola tsy fahita hatramin'izay nisian'ny fifidianana teto Madagasikara dia ity : kandida ho ben'ny tanàna tsy ao anaty lisi-pifidianana ! Fantatrareo izy ireo. Ary dia masahy manambara ny Praiminisitra sy ny filohan'ny Ceni-T fa « *tratra ny tanjona* ». Tanjon'ny fangalaram-bato angaha ? Misy fetrany sy farany daholo ny eto ambon'ny tany ry ingahirainy isany a !Sa ho eo mandra-maty? Izay indray no tsy takatry ny saiko.

**Jeannot Ramambazafy – 13 Aogositra 2015**